ANJEVA GARA 4

# TSATOK'ANTSY IMPITO NO NAMO-NOANA HO FATY ILAY RAMATOA

MARINA IZANY ! 7

## MAFANA NY ADIHEVITRA !

Gazetiko
www.gazetiko.mg
Laharana 7705 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alakamisy 26 oktobra 2023

FEDERASIONA MALAGASY NY BAOLINA KITRA 2


## NORAISIN'NY FILOHAN' NY FIFA TANY PARIS NY FILOHAN'NY FMF

KANDIDÀ ANDRY RAOBELINA 7

# TSY ANISAN'IREO AFAKA HIFANINANA, TSY AZO RAISINA NY FITARAINANY, HOY NY HCC



ANDROM-PIRENENA NATOKANA HO AN'NY VARIKA 3



## MBOLA BETSAKA NY TSINDRY MAHAZO AZY ETO AMINTSIKA

MAHAMASINA TRANO LEHIBE IRAY MAY 4

## LASA LAVENONA NY VOLA SAIKA HANAOVANA MARIAZY








Federasiona Malagasy ny Baolina Kitra

# Noraisin'ny filohan'ny FIFA tany Paris ny filohan'ny FMF

*Tsy niandry ela fa mihazakazaka tokoa ny fandaharam-potoana rehetra ho an'ity filohan' ny FMF ity.*

Andro vitsy monja aty aorian' ny nahalany azy ho filohan' ny federasiona malagasy ny baolina kitra, noraisin'ny filohan'ny federasiona iraisampirenena, Gianni Infantino tany Paris omaly Randriamanampisoa Alfred. Tamin'ity fotoana ity no nanoloran'ity filohan'ny FMF ity ny fandaharanasa rehetra hotanterahany mandritra ny taom-piasana. Ankoatra ny fiarahabana, nirary soa ity filohan'ny federasiona malagasy ny baolina kitra ity ingahy Infantino, izay manantena fa hitondra vokatra tsara sy fahombiazana ho an'ny baolina kitra malagasy ny tetikasa entin'ingahy Randriamanampisoa Alfred ity. Azo lazaina, tsy niandry ela fa mihazakazaka tokoa ny fandaharam-potoana rehetra ho an'ity filohan'ny FMF ity, izay tsiahivina, fa lany tamin'ny fihodinana voalohany nandritra ny fifidianana. Kandida miisa 5 anefa izy ireo no nifaninana tamin'izany, izay sambany ihany koa no misy fifidianana tsy niditra tamin'ny fihodinana faharoa fa fihodianana voalohany ihany dia vita. Taorian'ny fe-potoana nomen'ny CEN, hahafahan' ireo kandidà nanao ny fitarainana, niroso tamin'ny fanambarana ofisialy ny voka-pifidianana ny vaomiera manokana mikarakara ny fifidianana, izay marihana fa tsy nisy koa ny fitarainana voaray. Ny andron'io ihany, efa nanatanteraka ny fifidianana ho an'ireo mpikambana teo anivony ireto komity mpanatanteraka notarihan'ny filohany ireto, ka tamin'izany, fantatra avokoa ireo filoha lefitra miisa 3 sy ny kaomisiona tantanin'ireo mpikambana isan-tsokajiny. Herinandro taorian'io, efa izao noraisain' ny filohan'ny FIFA any Paris izao ny filohan'ny FMF, izay antenaina, fa ho manga ary hizotra an-tsakany sy andavany ny fiaraha-miasa eo amin'ny roa tonta.



Fihaonana ofisialy voalohany teo amin'ingahy Gianni Infantino sy Randriamanampisoa Alfred.

**Rabenaivo**

Psykopasy

# Hitohy eny amin'ny Is'Art Ampasanimalo ny fanandratana ny RAP malagasy

Anisan'ny nitondra avo ary azo lazaina fa mpisavalalan' ny mozika Rap teto Madagasikara i Psykopasy. Efa 30 taona eo izao no nilomanosany tao amin'io tontolo io ary tsy nivadika taranja izany mihitsy ny lehilahy. Nataon' ny zandry kely taty aoriana fitaratra mihitsy moa izy. Taty amin'ny taona 2000 izy vao nanomboka nandeha irery raha tany anaty fikambanana mialoha izany. Araka ny efa nampanantenainy tamin'ny mpankafy sy mpanaraka azy dia manomana fampisehoana hanandratana ity mozika Rap ity izy nandritra ny fampisehoana tetsy amin'ny CFM Anosy ny faran'ny herinandro lasa teo. Fantatra ary ankehitriny fa ny Asabotsy 4 Novambra izao eny amin'ny La Teinturerie Is'Art Ampasanimalo no fotoana homeny ny mpitia mozika rehetra tsy ankanavaka. Hitondra hafatra i Psykopasy amin'io fotoana io ka amin'ny alalan'ny mozika Rap ataony no hampitany izany ho an'ny namana. Handiso ny fomba fijerin'ny olona ihany koa izy fa natao ho an'ny sofina sy ny maso rehetra ny mozika Rap fa tsy ho an'ny mpiondana fotsiny ihany. Nisy ny tarika hafa nasainy raha ny fanazavany mba hanome tsiro ny fampisehoana ka anisan'ny ho avy amin'izany ry Dabo Dabo IX Fandresena , Fab's Brownz , Dao Ofisialy sy mpirapy hafa tsy ampoizina. Izy ireo no hanokatra ny fampisehoana amin'ny tapany voalohany fa i Psykopasy no hamarana azy amin'ny tapany faharoa. Dj Bazu Selekt kosa no hikosoka ny kapila amin'io fotoana io. Hanomboka amin'ny 3 ora tolakandro ny fampisehoana ary sokafana amin'ny 2 ora ny varavarana.




Hitondra hafatra ho an'ny mpankafy mozika i Psykopasy amin'io fotoana io.

**Tiaray R**

Sanganasan'i Bakomanga

# Ho velomin'ny tarika R'Imanga Mandimby amin'ny alalan'ny vakodrazana maoderina

Telo taona lasa izay no nahalasanan'i Bakomanga. Misy ny tarika Bakomanga zanany izay manohy sy mamelona ireo kanto navelany. Tsy ireo irery ihany koa anefa no manao izany fa eo koa ny tarika R'Imanga Mandimby. Manana ny mampiavaka azy izy ireo, ny tarika R'Imanga Mandimby dia amin'ny alalan'ny vakodrazana maoderina no hitondrany ireo kanton'i Bakomanga, izany hoe sady mihira izy ireo no mandihy ary izany koa dia ataony araka ny fomban'izy ireo mihitsy fa tsy araka izay nanaovan'i Bakomanga azy. Ankoatra izay koa dia mamerina ireo hiran'i Bakomanga izay efa noforoniny tany amin'ny taona 80 ka efa manomboka tsy re intsony aty aoriana ihany koa izy ireo toa an'ny : « Hafatra », « Line ».... ary ireo maro hafa, izany rehetra izany dia hiraina amin'ny fomba hafa ihany koa.



Ny tarika R'Imanga Mandimby tao amin'ny CGM Analakely.

**Tanya.R**

**Ety ampamaranana, dia miala tsiny amin'ny mpamaky sy amin'ny tarika izahay eto amin'ny fanoratana ny amin'ny fahadisoan'ny sarin'ny tarika izay nivoaka teto omaly. Tsara ihany koa ny manindry fa R'Imanga Mandimby no anaran'ny tarika.**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Manontany tena aho hoe inona moa no ilàna ny fahalalana raha maro an'isa ireo adala tafita ?"
Ny Vetso (05.0216)
(Je me demande à quoi sert l'intelligence quand je vois le nombre de cons qui réussissent.)

Rugby - Nouvelle Zelande # Afrika Atsimo

# Iza no hibata ny amboara faninefany ?

Mifantoka any Frantsa avokoa ny fo amam-panahy ny tontolon'ny mpankafy fanantanjahantena amin'ny sabotsy ho avy izao, indrindra fa mpiondana baolina lavalava, hanaraka ny lalao famaranana amin'ny fiadiana ny amboara eran-tany 2023, izay heverina sy azo antoka fa tena hiady tokoa eo amin'ny Nouvelle Zelande "All Blacks" sy Afrika Atsimo "Springbocks". Efa samy nibata ny amboara " Williamson Webb Willis " avy ny Springbocks (1995 - 2007 - 2019) sy ny All Blacks (1987 - 2011 - 2015) ka ho sarotra ny maminaviana ny hibata ny " Trophy " faninefany. Ho an'ny mpandinika sy ny nanaraka an'ity fifaninanana ity dia manana tombony mety hahazo ny " Trophy ", noho ny endri-dalao sy ny zava-bitany nandritra ny lalao ampahefa-dalana sy ny manasa-dalana, izay nifanaovany tamin'i Frantsa 29/28) sy Angletera (16/15). Ny All Blacks dia somary tsy sahirana niatrika ny mpifanandrina taminy (Irlande - Argentine). Araka izany voka-dalao azon'ny" neo-zelandey" izany kosa anefa dia mety hanana vovoka aina kokoa ny mpilalaony raha mitahy amin'ny rahalahintsika afrikanina tatsimo. Lalao famaranana anefa no atao dia hafa indray ny tetika enti-miady eny ambony kianja. Samy hitana ny rambony tsy ho tapaka ny ekipa roa tonta ka tsy handraraka ilo mby an-doha amin'ny fiarovampirenena avy. Koa na betsaka mpiandrandra aza i Afrika Atsimo, izay tompondaka farany tamin'ny taona 2019, dia tsy hanaiky mora foana i Nouvelle Zelande, valo taona nisalorany ny anaram-boninahitra farany (2015). Teratany anglisy Wayne Barnes no hitsara ny lalao famaranana, izay antenaina fa tsy hitongilana amin'ny anankiray amin'ireo mpifanandrina ireo. Na inona aloha na inona ny voka-dalao dia mbola hidina aty amin'ny bolabolatany atsimo ny amboara W.W.E.T.

**aris rafaly**

Inah, Fanilo, Mbola Talenta

# Hampiara-peo eny amin'ny Le Quartier Bypass



Raha vao miresaka hoe Inah, Fanilo Poppin's ary Mbola Talenta. Ny fiangaliana ny kalon'ny fahiny sy ireo hirampitiavana tsy lany hamamiana no mby ao an-tsaina. No ho ny talentan'izy telo miandahy ireto, feno hatrany ny programan'izy ireo isaky ny faran'ny herinandro. Izany hoe ao anatin'ny « grand cabaret » fanao isaky ny zoma io. Tsy eto an-drenivohitra ihany fa hatrany amin'ny faritra maro manerana ny Nosy ary hatrany ampitan-dranomasina mihitsy aza. Ny alin'ny zoma 27 oktobra izao, hiaka-tsehatra eny amin'ny efitrano filanonan'ny Le Quartier By Pass izy ireo. « Cabaret » izy io mazava ho azy, natao hoan'ireo mpialavoly valaky ny asa nandritra ny herinandro ka te hanala azy. Tato anatin'ny 2 na 3 taona teo ho eo, saika nanjakan'izy 3 mianadahy ireto indray ny « cabaret » zoma manifika. Talohan'izy ireo, ry Luk sy Mahery, Rija Ramanantoanina no tena nanjaka tamin'ity tontolon'ny « cabaret » ity. Mandeha ihany ireto farany saingy miha lefy kokoa raha mitaha amin'izy telo mianadahy voalaza etsy ambony.

Koa afaka manamboatra ny programany dieny izao izany ireo mpankafy ny hetsika hafanain'i Mbola Talenta, Fanilo Poppin's ary Inah.

**Fy**

Androm-pirenena natokana ho an'ny varika

# Mbola betsaka ny tsindry mahazo azy eto amintsika

*Misy karazany 112 ny varika eto Madagasikara ary manana lanjany ara-toekarena, ara-tontolo iainana ary ara-kolontsaina izy rehetra ireo.*

Ankalazaina isaky ny 27 oktobra ny fanamarihana ny androm-pirenena natokana ho an'ny varika. Amin'ity taona ity, any amin'ny faritra arovana Maromizaha Andasibe no hankalazana izany ka lohahevitra ny hoe: Ny varika : lova sarobidy tsy manam-paharoa. « Ndao hiara-hientana isika hiaro azy ireo ». Tsara ho fantatra fa ny varika dia biby zanatany, ary tsy misy afatsy eto amintsika izy ireny. Misy ihany anefa fifanaraham-piaraha-miasa amin'ireo valan-javaboahary hafa ka ahitana ireo varika any ampitan-dranomasina . Voalaza fa misy karazany 112 ny varika eto Madagasikara ary manana lanjany ara-toekarena, ara-tontolo iainana ary ara-kolontsaina izy rehetra ireo. Anisan'ny misintona mpizahatany maro ho avy eto amintsika ny varika ka mampiditra vola vahiny betsaka eto izany. Marobe anefa ny tsindry mahazo ireo varika eto amintsika ka hatahorana ny hahalany tamingana azy ireo. Anisan'izany ny fahapotehin'ny tontolon'ny iainana sy ny toeram-ponenan'izy ireo izay tapahina sy trandrahan'ireo mponina, eo ihany koa ny famonoana sy fandripahana ireo varika izay lasa ataon'ny olona sakafo. Tsy mahafantatra ny lanjan'ireo biby arovana ireo ny ankamaroan'ny olona na minia mikipy tsy te hahalala izany. Tsy vitsy ihany koa ireo miompy kanefa tokony any anaty ala ihany no trano fonenan'ireo varika ireo. Maro ny asa tokony hatao hiarovana ireo varika ireo ary tsy tokony hijanona an-databatra intsony ny rehetra fa efa tena miharatsy ny tontolo iainan'ireo biby ireo ankehitriny.

**Nath**

Fampandrosoana - Antsomalala Rasolonomenjanahary

# "Miankina betsaka amin'ny tantsaha ny fampivoarana an'i Madagasikara"

Samy mahatsapa ny rehetra fa ny fambolena sy fiompiana dia antoka iray mampivoarana ny fiainan'ny olona sy ny firenena. Nisy ny tafa niarahana tamin'i Ant0somalala Rasolonomenjanahary, vehivavy mpandraharaha eny anivon'ny tontolo ambanivohitra. Nilaza izy fa afaka mahaleo tena ara-tsakafo isika raha vita ny manohana sy mamatsy ireo tantsaha ireo na ara-pitaovana na aramasomboly indrindra ny fanamorana ny hahazoan' izy ireo toerana.



Miezaka mizara ny traikefa sy ny fahaiza-manaony amin'ny hafa foana i Antsomalala Rasolonomenjanahary.

**Gazetiko** : **Fahavitantena ara-tsakafo, inona no anjara biriky entinao hahafahana mahatratra izany ?**
**Antsomalala Rasolonomenjanahary**: Tantsaha avokoa izahay ary nokolokoloina sy notaizaina teny am-potony sy teny antsaha aho. Fototra iveloman' ny olona ny sakafo ary antony iray mampandroso ny ankohonana sy firenena izany. Tsy hohanina ihany anefa fa azo ivelomana sy mampidi-bola mba hahafahany mividy ireo kojakoja ilaina amin'ny fiainana andavanandro. Anisan'ny fahaleovantena ho an'ny firenena izany mahaleo tena aratsakafo izany ka afaka mamelona sy mamahana ny mponina ao aminy. Ho ahy manokana, miezaka mamokatra sy mivarotra masomboly voafantina amin'ny sarany mora (700 Ar). Notahiana manokana ary miezaka mizara. Tsy voatery manana tany be na mipetraka any ambanivohitra ianao vao afaka mamboly fa na aiza na aiza toerana misy anao dia afaka mamboly foana. Tsy masomboly ihany anefa fa eo ihany koa ny boky fanodinana vokatry ny tantsaha mba hahafahan'izy ireo mitahiry sy mamadika ny vokatra mba tsy ho simba na verivery fotsiny. Afaka mihinana ny vokatra foana ihany koa mandavataona eny na mandritra ny vanim-potoana tsy fisian'ilay vokatra aza. Manentana ireo tantsaha ihany koa aho hiezaka hanome endrika tsara ny vokatra amidy mba hisarika mpividy foana, indrindra amin'ny resaka kalitao.

**Gazetiko : Ahoana ny hiatrehanareo ny fiovaovan' ny toetrandro, ohatra hoe ny rotsak'orana lasa be loatra, main-tany…Sns ?**
**Antsomalala** : Tena miovaova be tokoa ny toetrandro eto amintsika noho ny ataontsika olombelona ihany raha ny filazan'ireo manampahaizana. Ny fahavaratra izao ny havandra no tena atahorana manimba ny voly. Ny main-tany indray dia ny rano no tsy ampy. Ny fampiasana teknika, fampiharana ny « agroecologique » izay teknikam-pambolena no entina hampiarinay manoloana ny fiovan'izany toetrandro izany. Miezaka miala amin'ny fampiasana akora simika be loatra ihany koa izay iarahan'ny rehetra mahalala fa antony voalohany tena manimba ny tontolo iainana.

**Gazetiko : Manao ahoana indray ny lalam-barotra ?**
**Antsomalala** : Tantsaha no mpiara-miasa aminay voalohany satria izy ireo no manjifa ny masomboly vokarinay voalohany, tsy eto Antananarivo ihany fa saika manerana an'i Madagasikara. Tsy vitsy ihany koa anefa ireo malagasy monina any ivelany izay manafatra na mitondra voandalana masomboly volena eo anjaridaina. Mikasika ny lalambarotra indray, rehefa tsara ny kalitaon'ny vokatra dia misy foana ny lalam-barotra. Sahiko mihitsy aza ny milaza fa tsy maharaka aza isika eto an-toerana. Efa betsaka ireo tantsaha no manondrana vokatra any ivelany ary mbola maro ireo vahiny mila sy mitady ny vokatra Malagasy. Raha feheziko dia isika tantsaha aza no tsy maharaka na eto an-toerana na ivelany na vokatra tsotra io na vokatra voahodina. Fa izahay aloha hatreto raha masomboly noresahina dia eto an-toerana aza tsy araka ny mamokatra izany fa miezaka eny foana dia manentana foana ny tsirairay hamboly sy hiompy ary hanodina vokatra.

**Nath**

Antananarivo Renivohitra

# Tsentsina daholo ireo lakandrano handehan'ny rano



Saika ahitana rano mihandrona toy izao ny faritra iva eto an-dRenivohitra.

Vao tao anatin'ny andro vitsy izay no nanomboka ny fahavaratra raha ho an' Antananarivo Renivohitra. Tsentsina daholo ireo lakandrano handehanan'ny rano noho ny fanariana : tavoahangy plastika, ny fako isankarazany eny hatramin'ny akanjo sy pataloa tonta tsy hanaovan'ny olona intsony. *"Mampalahelo ny fomba fisainan'ny olona aty aminay ety amin'ny faritra iva ety fa tsy mba manana fomba fijery lavitra ka hitsinjo ny fotoampahavaratra, ka lasa toa mandrora mitsilany rehefa miha-miandrona sy manomboka miakatra ny rano ety aminay"*, hoy ny Renimpianakaviana iray mponina ao Anatihazo Isotry taminay. Raha ny hita anefa, dia saika ny tanàna rehetra amin'ny faritra iva eto Antananarivo no miara-miaina ao anaty rano raha vao misy rotsak'orana maharitra. Isan'izany : Besarety, ny any anaty tsena maro, 67ha, Andavamamba, Isotry, Andohotapenaka … *"Mbola mila fanentanana maharitra sy mitaky fiovana toe-tsaina mahery vaika ary fandresen-dahatra mafonja vao ho afaka miaina amin'ny vanim-potoanan'ny fahavaratra ny mponina eto Antananarivo Renivohitra. Misy ny tokontrano sasany no tsy manary fako amin'ny dabanjoridira lehibe fa rehefa avy ny orana dia miezaka manary fako ampiarahana amin'ny orana"*, hoy kosa Rtoa Bernadette, mponina eny Isotry taminay. Maro ireo fokontany no efa milona ao anaty rano sahady amin'izao na dia vao manomboka aza ny fotoam-pahavaratra.

**Heriniaina A.**

Fampandrosoana ny toekarena manga

# Hapetraka ny tetikasa fitaratra ho an'ny "Eco Langouste"

Isan'ny tanjaka sy antoky ny toekaren'i Madagasikara ary seha-pihariana mampidi-bola vahiny maro eto amintsika ny harena an-dranomasina. Ho entina manatsara ny sehatry ny jono eto Madagasikara dia *"hisy ny fametrahana ny Projet pilote Eco Langouste any Taolagnaro mba hitantana maharitra ny vokatra Oratsimba eto amintsika ary koa mba ho rehareha sy fitaratra amin'ny firenena eto Afrika ihany koa isika. Teo ihany koa ny famoronana asa mendrika ho an'ireo tanora eo amin'ny sehatry ny fitaterana an-dranomasina mba hanenana ny tahan'ny tsy fananan'asa eto Madagasikara. Voaresaka ihany koa ny fiaraha-miasa mba hampiroboroana ny Toekarena Maitso sy Manga eo amin'ny fitadiavana lalam-barotra hanondranana ireo vokatra any ivelany"*, hoy Atoa Frédéric Muia, talen'ny sampandraharaha ny asa eo anivon'ny OIT eto Madagasikara, Comores, Maurice ary Seychelles, miasa eto Madagasikara, teny Ampandrianomby nandritra ny fitsidihany an' Atoa Mahatante Paubert, Minisitran'ny Jono sy ny toekarena manga omaly. Tombony ho an'ity tetikasa vao hatomboka any Fort-Dauphin ity ny hananan'ireo mpanjono sy mpanarato isan-tokantrano asa mendrika ka hisitrahan' izy ireo ny zo mitovy amin'ny mpiasa izay misitraka fisotroan-dronono sy volan-jaza ary ny fitsaboana raha sanatria ka misy marary. Eo ihany koa ny tokony hahampikambana azy ireo amin'ireny trano fiantohana ireny.

**Heriniaina A.**


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### A VENDRE

* Ambatondrazaka à 7 km, tany 55 Ha, 1er plan, BDR, T&B : 1.700Ar/m² à d. Tél : 034.68.096.07. (G-BA 680/11-1)

### MIVIDY

* Mividy lamba tonta na tsaika na friperie. Tél : 033.71.741.19 / 038.65.240.28. (G-BA 676/4-4)

* Debara, fanaka, frigo, boky, TV, kiraro, vy, kilalao. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 668/24-11)

* Mm Feno. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.72.834.38. (G-BA 670/12-9)

* Fanaka, frigo, congélateur, chaîne, télé, an-dakozia etc… Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 673/20-7)

* Frigo, congélateur, fanaka, machine, kojakojan-dakozia… Tél : 033.11.173.27 / 032.40.056.16. (G-BA 674/20-7)

* Lamba, kiraro, kojan-dakozia, fanaka, TV, machine, bisikileta, debara. M Sarah. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 677/10-3)

### COURS

* Cours de coiffure accéléré, Isotry ampitan'ny mpivaro-kazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 672/12-8)

* Cours d'Anglais parlé et écrit à domicile ou particulier. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 681/2-1)

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 679/6-1)

### VIDANGE

* Vidange wc, débouchage, nettoyage, puisard. Tél : 033.64.965.79 / 034.19.333.09. (G-BA 669/14-9)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 678/6-2)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 678/6-2)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 678/6-2)

Anjeva Gara

# Tsatok'antsy impito no namonoana ho faty ilay ramatoa

*Ny efatra tao amin'ny lamosiny, ny roa teo amin'ny tendany ary iray teo amin'ny handriny.*

Vonoan'olona mahatsiravina indray ity nitranga tao Miadamandroso, kaominina Anjeva Gara ny Talata lasa teo ity. Renim-pianakaviana iray tokony ho enina amby dimampolo taona eo no maty nisy namono tao an-tranony. Ny Talata teo tokony ho tamin'ny 12 ora antoandro no nahitana ny fatiny nitsirara nihosin-drà tao an-trano. Tsatok'antsy miisa fito no hita tamin'ny vatany, ny efatra tao amin'ny lamosiny, ny roa teo amin'ny tendany ary iray teo amin'ny handriny. Teo afivoan-trano no namonoan'ireo olon-dratsy azy, izay tamin'ny fomba feno habibiana tokoa. Raha ny fanazavana azo, ilay ramatoa irery no tao an-tranony tamin'io ka nidiran'ny olon-dratsy tao izy.

**Voaroba**

Nisy ny fandrobana nataon' ireo jiolahy tao an-trano satria nisokatra ny poketran'ilay ramatoa sy ny larimoara ary tsy nisy vola intsony tao. Nikorontana ihany koa ny entana rehetra tao an-trano. Tsy hay na nikasa hanohitra ilay ramatoa na fantany ireo olon-dratsy nanafika azy ka io tonga dia notaperiny io ny ainy. Raha ny fizahana nataon'ny mpitsabo dia teo anelanelan'ny tamin'ny 10 ora antoandro hatramin' ny mitataovovonana no namonoana ity ramatoa ity. Izany hoe andro antoandrobe no nidiran'ny jiolahy tao izy. Tsy nisy nahare ny zava-nitranga mihitsy anefa ny mponina teo amin'ny manodidina. Mbola tsy fantatra mazava ny fitambaran'ny vola lasan'ireo jiolahy satria ilay ramatoa no mpampirimbola ao an-trano. Efa eo ampelatanan'ny mpitandro filaminana moa ny raharaha amin'izao ka mandeha ny fanadihadiana sy ny fikarohana.

R.C

Mahamasina

# Trano lehibe iray may, lasa lavenona hatramin'ny vola saika hanaovana mariazy

Nisehoana hain-trano teny Tsimialonjafy eny Mahamasina omaly tokony ho tamin'ny 9 ora maraina. Trano lehibe iray misy rihana roa no nirehitra tamin'izany ka may ny entana ary lasa lavenona hatramin'ny vola saika hanaovana mariazy napetraka tao. Ny afo efa nidedaka no hitan'ny olona avy eny ivelany ka nanao izay ho afany tamin'ny famonjena izany izy ireo. Efa nisy niantso ihany koa avy eo ny avy eny anivon'ny sampana mpamonjy voina ka tonga nanao ny asa namono ny afo izy ireo sy niaro izany mba tsy hiitatra. Araka ny fanazavana azo dia tao ambony rihana no niantombohan'ny afo izay tsy fantatra mazava no nahatonga izany fa heverina ho fifampikasohan'ny herinaratra no antony. Fantatra hatrany fa tsy nisy olona tao amin'io rihana niavian'ny afo io ary may tsy nisy noraisina ny entana rehetra tao. Araka ny fanampim-panazavana dia mpianakavy ihany koa misy tokantrano maromaro no mipetraka ao amin'ity trano izay misy efitra sivy ny fitambaranyity.

Ny tany amin'ny rihana faharoa no tena may tanteraka. Ny tany amin'ny rihana voalohany ihany koa nisy tsy may ny tany amin'ny faritra havanana. Tany amin'ny farany ambany ihany koa nisy efitra tsy may.

**Roa hafa**

Soa aloha fa tsy nisy ny naratra na namoy aina nandritra ity firehetana ity satria nanavotr'aina nivoaka izay olona tao an-trano ary dia io may kila hatramin'ny vola nampirimina saika hikarakarana raharaha io, hoy hatrany ny fanazavana. Adiny iray nanaovana ny asany ny mpamonjy voina vao voafehy ny afo ary efa elaela vao tena maty tanteraka izany. Fa resaka haintrano izay ihany dia nisy trano roa hafa ihany koa may. Ny iray trano hazo nirehitra teny Miandrarivo ny alin'ny talata hifoha alarobia lasa teo. Tsy fantatra izay nahatonga ny loza tamin'io fa tsy nisy noraisina ny entana rehetra tao anatiny. Efa somary nahazo teny amin'ny faritry ny tafon'ny trano teo akaikiny ihany ny lelafo fa mba tsy naninona satria tsy niitatra ny afo. Efa tonga teny ihany koa ny mpamonjy voina. Ny iray hafa ihany koa hain-trano niseho teny Angavao Alasora izay niseho io omaly io ihany. Trano lehibe no nirehitra tamin'io ary efa tonga teny an-toerana ihany koa ny mpamonjy voina namono ny afo.

T.H

Anosibe

# Mpandeha taxi-bisikleta voadonan'ny fiaran'ny mpitandro filaminana

Nisehoana lozampifamoivozana teny Anosibe omaly tokony ho tamin'ny 7 ora sy sasany maraina. Mpandeha taxi-bisikleta no naratra voadonan'ny fiaran'ny mpitandro filaminana. Naratra ihany koa ilay lehilahy mpitondra ilay taxi-bisikleta tamin'io fotoana io. Araka ny fanazavan'ny olona teny an-toerana dia nisy taxi-bisikleta nifanao aloha sy aoriana avy any Anosibe hitodi-doha ho any Anosizato any. Nifanenjika samy nandeha mafy izy ireo. Teny an-dalana anefa dia voalaza fa nifandona ireto fitaovam-pitaterana roa ireto. Nandritra izany anefa nisy fiara be an'ny mpitandro filaminana nandalo ka nifanandrify tamin'izay indrindra no nianjera ilay taxi-bisikleta iray ka lasa tany amin'ilay kamiao io. Voafaokan'ity farany araka izany izy ka io naratra teo amin'ny tanany io ny tanan' ilay vehivavy nandeha tamin'ilay taxi-bisikleta ka naratra mafy. Ilay lehilahy nitondra io taxi-bisikleta io ihany koa naratra. Nitangorona ny olona vantany vao niseho ny loza ary fiara nandalo no nosakanana nitondra ireo naratra notsaboina nankany amin'ny hopitaly. Efa tonga teny an-toerana ny polisy nanao fitsirihana ny zava-nitranga. Tsy vao izao no nitrangana loza mikasikana taxi-bisikleta. Efa nisy ilay niseho teny Antanimenakely Ampitatafika vao andro vitsivitsy lasa izay nitarika fahafatesan'ilay mpandeha taminy mihitsy.

T.H

Halatra maso tany Ejeda

## Jiolahy iray nikasa hitsoaka, maty voatifitra

Maty voatifitry ny zandary ny iray tamin'ireo roa lahy voasambotra tamin'ny halatra maso nitranga tao Ejeda ny herinandro lasa teo. Raha nentina hanoro ny namany, izay voalaza fa naniraka azy ireo hanao ity halatra voamaso ity mantsy izy ireo dia nikasa hitsoaka avy eny ambony fiaran'ny zandary nitondra azy ireo. Voatery nitifitra ny zandary ka maty tsy tra-drano vokatr'izany ity jiolahy iray ity. Tsiahivina fa anisan'ny nandray anjara mivantana tamin'ny fangalarana ny voamason'ilay ramatoa tao Ejeda iny izy ireo. Niaiky ny heloka vitany izy ireo ary nitantara ny fomba nangalarany ny voamason'ilay ramatoa, izay tonga dia nongotany manta. Mbola mitohy moa ny fikarohana ataon'ny mpitandro filaminana ireo namany amin'izao satria karohina fatratra ny tena atidoha mpanao ity halatra voamason'olona ao Ejeda sy ny manodidina ity.

R.C

Ambatoboeny

## Mpimasy mpamatsy ody dahalo voasambotra

Efa ela no nikarohana ity mpimasy mpamatsy ody ratsy ny dahalo any amin'ny faritra Ambatoboeny iny ity. Voasambotry ny zandary teo amin'ny sampanan'i Tsaratanana izy ny herinandro lasa teo iny. Efa an-dalana hamatsy ody ratsy ireo dahalo any Ambohitromby indrindra izy no voasakan'ny zandary. Nitondra kitapo izy tamin'io ka rehefa nosavaina dia feno ody gasy maro isankarazany tao anatiny. Raha ny fanazavana hatrany dia isaky ny alohan'ny hanafika sy mandritra ny fanafihana ireo dahalo no mampiasa ody mba tsy mba ho fiarovana azy ireo amin'ny tifitra ataon'ny mpitandro filaminana. Na eo aza anefa ny fampiasan'ireo dahalo ody ratsy dia efa maro ihany izay maty sy voasambotra izay. Tsy hay intsony araka izany na tena mandaitra tokoa ny ody bala ampiasain'izy ireo na tsia.

R.C




PRIERE AU SACRE CŒUR


***Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.***

Dites cette prière 6 fois/jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré-Cœur pour faveur obtenue.

G CL 665/1-1 26/10/23 RASOANANDRASANA L.M.A





PRIERE AU SACRE CŒUR

***Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.***

Dites cette prière 6 fois/jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré-Cœur pour faveurs obtenues.

G CL 665/1-1 26/10/23 RASOANANDRASANA L.M.A





PRIERE MIRACULEUSE

Doux cœur de Jésus, auparavant, je t'ai toujours demandé plusieurs faveurs. Cette fois-ci, je t'en demande UNE très spéciale (...) Prends-la doux cœur de Jésus et place-la dans ton cœur transpercé où ton Père la voit.

Ainsi sous ses yeux miséricordieux, elle deviendra ta faveur et non la mienne. Amen ! Dites cette prière 3 fois/jour et pendant 3 jours et votre prière sera exaucée miraculeusement.

N'oubliez pas de remercier Jésus avec promesse de publication.

Remerciements au doux cœur de Jésus pour faveur obtenue.

G CL 665/1-1 26/10/23 RASOANANDRASANA L.M.A


MANAL'AZY DE MI'MEME



## Sarisary zary tenany

*Hafa kely*




## Hatsikana an-tsary

*Mety ho...*




## Masoandro Miposaka

**Deoteronomia 6 : 5-6**

Ary tiava an' i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny herinao rehetra.Ary aoka ho ao am-ponao izao teny andidiako anao anio izao.

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05

## Iraka




## Ohabolana



**Aza mitsivalana toa sora-damba.**

Ne vous placez pas en travers comme les dessins des étoffes.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3084**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | 2 | | | | 7 | 5 | | |
| | | | 3 | | 8 | | | 9 |
| | | | | | | 4 | | 1 |
| | | | | 7 | 9 | | | |
| | | | 4 | 5 | | | | |
| 1 | | | | | | | | 2 |
| 4 | | | 8 | | | | | |
| | 5 | | | | | 3 | | |
| | 9 | | 2 | | | 7 | 6 | |

Valin'ny laharana **3083**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 5 | 6 | 8 | 4 | 2 | 3 | 1 | 9 | 7 |
| 9 | 2 | 7 | 6 | 1 | 5 | 3 | 4 | 8 |
| 4 | 3 | 1 | 7 | 8 | 9 | 6 | 2 | 5 |
| 7 | 1 | 3 | 8 | 9 | 6 | 4 | 5 | 2 |
| 6 | 9 | 4 | 1 | 5 | 2 | 8 | 7 | 3 |
| 2 | 8 | 5 | 3 | 4 | 7 | 9 | 6 | 1 |
| 8 | 7 | 6 | 2 | 3 | 4 | 5 | 1 | 9 |
| 3 | 4 | 9 | 5 | 7 | 1 | 2 | 8 | 6 |
| 1 | 5 | 2 | 9 | 6 | 8 | 7 | 3 | 4 |

Kandidà Andry Raobelina

# Tsy anisan'ireo afaka hifaninana, tsy azo raisina ny fitarainany, hoy ny HCC

*Tsy hihemotra izany ny datin'ny 16 nôvambra, raha ny fanapahan-kevitra navoakan'ny Fitsarana Avo Momba ny Lalampanorenena.*

Omaly no namoaka ny fanapahan-keviny, mitondra ny laharana faha-15-HCC /D3, tao amin'ny tranokalany ny Fitsarana Avo Momba ny Lalampanorenana. Ny andininy voalohany amin'ny didy navoakany dia manambara fa tsy azo raisina ny fitarainana napetraky ny mpisolovavan'ny kandidà Andry Raobelina. Antony, ambaran' ny HCC fa tsy azo sokajiana ho tsy azo anoharana, araka ny ambaran'ny andininy faha-47 n'ny lalampanorenana ny tsy fahafahan'io kandidà io miverina an-tanindrazana ao anatin'ny 3 volana, taorian'ny fandidiana ny masony, tany amin'ny Nosy Môrisy. Ny andininy faharoa n'ny fanapahan-kevitra kosa dia mampahafantatra io didy io amin'ny governemanta izay miara-mitantana ny firenena sy ny filohan'ny CENI ary ny kandidà ho filohampirenena rehetra. Toy ny mahazatra amin'ny fanapahan-kevitry ny HCC moa dia miara-manao sonia izany ny mpikambana 9 mandrafitra io Andrimpanjakana io. Ny dikany, tsy hisy fiovana izany ny datim-pifidianana ary tsy anisan'ny mpifaninana ny kandidà Andry Raobelina. Araka ny voarakitra tao amin' ny didy navoakan'ny HCC moa dia ireto avy no fototra niaingan'ny fanapahan-kevitra noraisiny.

**Antenaina hampiharina ara-bakiteny !**

Ny lalàna mikasika ny fifidianana sy ny fitsapan-kevibahoaka; ny lalàna mahakasika ny fifidianana filohan'ny Repoblika; ny didim-panjakana laharana 2023-863, tamin'ny 11 jolay, nanaikana ny vahoaka handatsa-bato izay novain'ny didim-panjakana laharana 2023-1396, tamin'ny 13 ôktôbra 2023; ny fanapahan-kevitra laharana faha-11-HCC /D3, tamin'ny 9 septambra 2023 izay nametra ny lisitry ny kandidà hifaninana amin'ny fifidianana fihodinana voalohany; ny fanapahan-kevitra laharana faha-14-HCC /D3, tamin'ny 12 ôktôbra, mampahafantatra fa nisy ny tsy azo anoharana ka tsy maintsy nanemorana ny fifidianana fihodinana voalohany ho amin'ny 16 nôvambra ; ny fitarainana napetraky ny kandidà Andry Raobelina teny Ambohidahy, tamin'ny 23 ôktôbra, manamarika fa misy ny tsy azo anoharana manaraka ary nentin' ny mpisolovavan'ny kandidà nanamarinana izany ny andininy faha-47 n'ny Lalampanorenana, teboka faha-4, manamarika fa raha misy kandidà iray maty na misy anton-javatra tsy azo anoharana, hamarinin'ny HCC tsy ahafahany miatrika fifidianana dia mihemotra ny daty. Mbola namerina ny Fitsarana Avo Momba ny Lalampanorenana, datin'ny 25 ôktôbra fa tsy azo anaovana « recours » ny fanapahan-kevitra noraisiny. Antenaina fa hampiharina ara-bakiteny, amin'ny fotoana rehetra io fanapahan-kevitra io.

V.R.

## Marina izany !

### Nafana ny adihevitra !

**Tsikaritra ho nangingina, tato anatin'ny andro vitsivitsy izao ilay feo niparitaka ny mety hamindrana ny fitantanana vonjimaika ny firenena, amin'ny filohan'ny Antenimierandoholona. Itsy farany izay tsiahivina fa napetraka tao anatin'ny fotoana fohy ho filohan'ny Andrimpanjakana mpanao lalàna, etsy Anosy, taorian'ny fifidianana nanonganana maimaika ny filoha teo aloha. Ny fanontaniana mipetraka manoloana izany dia ny hoe: Hotazonin'ny governemanta ihany ve ny fahefana sa hafindra? Miainga amin'ny didy navoakan'ny Fitsarana Avo Momba ny Lalampanorenana, omaly aloha dia mbola ny governemanta miara-mitantana no manampahefana, nampahafantarina ny didy navoaka. Itsy farany rahateo mbola tsy namoaka didy ny mety hisian'ny famindrana ny fitantanana fanindroany indray. Na izany na tsy izany, nahazoana tsilian-tsofina fa nafana ny adihevitra mahakasika io tranga io, nandritra ny filankevitry ny minisitra manokana farany teo. Manoloana izany, na dia tsy nisy aza ny vaovao marimpototra voaray dia mandeha ny tombatombana ny amin'ny hoe: Mizara ve izany ny hevitry ny mpikambana ao amin'ny governemanta ny hitazonana na hamindrana ny fahefana ? Antony mety tsy hahatanteraka intsony ny famerenana izany intsony. Tsiahivina fa ny minisitry ny Fitsarana sady mpitazona ny tombon-kasem-panjakana, raha nanontanian'ny mpanao gazety ny mety hamerenana ny fahefana amin'ny filohan'ny Antenimierandoholona dia hentitra nilaza fa tsy azo ihodivirana ny fanapahan-kevitra efa navoakan'ny Fitsarana Avo Momba Lalampanorenana. Andrasana izany ny amin'ny hoe : Hifarana hatreo ve ny adihevitra sa mbola hitohy ?**

Voahangy Rakotozafy

Imerintsiatosika sy ireo vondron'ny kandida

# Mitaky fahamarinana sy tany tan-dalàna ary fifidianana madio

Tapa-kevitra nivoaka ny faritra Analamanga amin' izay ny vondron'ny kandida ho filoham-pirenena rehefa avy nitety ny boriboritany enina eto Andrenivohitra sy ny kaominina manodidina. Taorian'ny diabe niainga teny Anosizato ka hatreny Ampitatafika omaly dia nitohy tany Imerintsiatosika ny diabe notanterahan'ireo mpanao politika ireo miaraka amin'ny mpanara-dia azy. Na ny teto an-dRenivohitra na tany amin'io kaominina iray ao anatin'ny faritra Itasy io dia nangorom-potsy ny tanàna ary nitombo an-dàlana ireo mpanaraka ny hetsika. Ho an'ny teny Anosizato ka hatreny Ampitatafika izao, na dia tsy tazana nitarika ny diabe aza ny vondron'ny kandida dia tsy nataon'ireo mpanaradia ho sakana izany ka nitanjozotra nankeny amin'ny tany malalaka eny Ampitatafika nanatona ireo kandida 7 sy ny solontenan' ireo kandida 3 ambiny izy ireo. Rehefa vita ny fifandimbiasam-pitenenana nataon' ireo kandida, izay nifantoka tamin'ny famerenana sy fanamafisana ny antony mahatonga azy ireo manao hetsika an-dalambe sy nandray fiara ireto kandida ireto namonjy ny olony tany Imerintsiatosika.

**Firaisankina**

Iretsy farany izay efa tsindriandahona hihaino mivantana ny kabarin'ny vondron' ny kandida sady samy nilanja sorabaventy nanehoany ny fitakiany sy ny olany na mikasika ny lafiny sosialy izany na toekarena na politika. Tazana tamin' izany ny hoe mitaky ny fahamarinana sy ny tany tan-dalàna ary ny hanaovana fifidianana madio. Tany amin'ny tamin'ny telo ora tolakandro tany no nigadona tao Imerintsiatosika ny vondron'ny kandida ary avy hatrany dia nanao kabary. *« Tsy manaiky ny hikirakiran' ny mpikamban'ny HCC sy ny CENI ankehitriny ny fifidianana ho filoham-pirenena isika. Toherintsika ihany koa ny filatsahan-kofidian'ny kandida mizaka zom-pirenena frantsay. Ao anatin' izany rehetra izany, mila miray hina isika rehetra mba hampahomby ny tolona ka tsy hanaiky ho rebireben'ny mpanatsatso sy ny hafa »*, hoy ny vondron'ny kandida raha fintinina ny resany.

Mamy R.

**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 22 697 79 / 22 697 80
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 354 - 10 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

Nahandro

**Baranjely sesika**

Zavatra ilaina: Baranjely, totonkena, dipoavatra,curry, tongolo maitso, kotomila, tongolobe, tongolo gasy, sakamalao. Fikarakarana azy: Atao anaty lovia jobo ny totonkena. Asiana tongolo gasy sy sakamalao voatoto. Tetehina ny tongolobe, tongolo maitso ary kotomila dia afangaro ao. Asiana dipoavatra sy curry ary sira. Alaina amin'izay ny baranjely dia zaraina roa lavalava. Esorina ny voany dia sesehina ireo fangaro ireo. Atao anaty lasitra dia rarahana menaka eo amboniny ary alefa anaty lafaoro. Esorina rehefa masaka. Azo andrahoina amin'ny vilany ihany koa fa manao saosy voatabia sy tongolo aloa vao alahatra eo ambony ny baranjely ary asiana rano mahamasaka azy. Esorina rehefa masaka. Mazotoa homana!


Filohan'ny CENI

# "Marisika amin'ny fanatanterahana ny fifidianana ny vahoaka "

*« Maherin'ny 78 isan-jato amin'izao fotoana izao ny olompirenena efa naka sy nahazo ny kara-pifidianany teny amin'ny biraom-pokontany. Efa mahatratra 98 isan-jato mihitsy aza izany any amin'iny faritra Atsimo Atsinanana iny. Ary faritra dimy ihany sisa amin'izao fotoana izao no manana salanisa ambain'ny 70 isan-jato »*, hoy Ing. Dama Arsene Andrianarisedo raha nitafa tamin'ny mpanao gazety, omaly. Tsy nisalasala ity Filohan'ny Vaomiarampirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana ity raha nilaza tamin'izany fa miainga amin'ireo salanisa ireo dia hita ho marisika ary mivonona amin'ny fanatanterahana ny fifidianana ny olom-pirenena fa tsy araka ny resaka voizin'ny mpanao politika etsy sy eroa. Ao anatin'izany rehetra izany, mampirisika ireo kandida ofisialy mbola tsy miroso amin'ny fanatanterahana ny fampielezankevitra mba hanao izany amin'izay io laharana voalohany eo anivon'ny CENI io. Eo amin'izay tontolon'ny fikarakarana ny fifidianana izay hatrany, noraisina nandritra ny Filankevitry ny Minisitra tamin'ny talata teo ny didim-panjakana hamindrana ny sorabola fanampiny mitentina 3 947 190 000 Ariary avy ao amin'ny Ministeran'ny Toekarena hoan'ny tetibola taona 2023 ka homena ho an'ny CENI.

Mamy R.

**PRIERE AU SACRE CŒUR**



***Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.*** Dites cette prière 6 fois/jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré-Cœur pour faveurs obtenues.

GCL 663/1-1 26/10/23 Mme Hanta

**TANY AMIDY MORA !**

- **ALAKAMISY – VONTOVORONA** : 36 ares sy 23 ares, TB, BR, azo zaraina, 500m² - Prix : 50.000Ar/m² à déb., Acc.
- **AMBOHIJANAKA** : TB, non acc. voit., 03 ares - Prix : 50.000Ar/m² et AUTRES

**Contact : 034.18.711.29 /033.11.236.89** Mr Rôel

GCL666/2-1

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

# VALIHA

**Avoakan'ny Fikambanan'ny Poety sy ny Mpanoratra Malagasy**
**Havàtsa-UPEM - Laharana 330 - 26 Oktobra 2023**


*ANDALA-NOTSONGAINA*
*Atolotr'i Jacynthe*

(...)

Mason'iza moa no tsy hahiratra amin'izao,

Dia hapetraka amin'iza kay ilay nosy mamintsika?

Satria izay nandrianina manao izay tiany hatao.

Kororohy fa manakofa ny seza "politika".

*IKAZOMANGA,*
*19 novambra 2021*

## DIAM-PENINA

**IO NO GASIKARA**

Ny akanjo firakofany !
Nasalotra eo an-tsorony
Ny lamba maitso mavana
Misora-dokon'ny ala,

Nahenika ny lafiny
Ny vatosoa, ny harena
He ! Izato masony
Mitara-bolamena ;
Fanilo manjopiaka
Miraratra hatsarana,
Miainga avy ao anatiny
Ny tara-pahazavana
Mitemitra safira ;

Ny fara vodilanitra
Manopinopy mena,
Tinazana avy lavitra
Mateza raha jerena ,
No vakana iambozonany ;

Ny morony milasitra
Lemaka ivaiva,
Tomefy tora-pasika,
Ka nony harivariva
Ampiainany fiadanana,
Tsy hahatsiaro ny fodiana
Na ny ory na ny manana,
Sondriam-pitosiana ;

Raha injay ka tsorina
Ireo rehetra tiana havohitra,
Ny havoana sy ny morona
Eo koa ny tendrombohitra
Dia ravaka tokoa,
Eny, vontona hatsarana
Amaritana avokoa,
Fa io no Madagasikara

***Namby Mivetso, 2023***

**HATANORANA**

Vorona inona ity foko no mitety ny habakabaka
Sidintsidina tsy tana, eritreritra tsy tony
Dihy an'ainga milalao, dia miakatra any ambony
Tevin-drahona vinaky, voronkely be fivavaka.
Volana inona ny foko no mifaly tsy midikitra
Diavolana maraina, zara tsiky, fara ehy
Toa fanilo, toa fanahy ... fanahy mamehy
Lanitra itsy no azy irery, volan-kely be fifikitra.
Olona inona ny foko e! ... manonofy tia anao
Amponga vaky doboka onja sy firitsoka farara
Sefosefo sento mila, mila hentona sigara
Tononkira mamy kely, olon-kely be lalao.
Aloka inona mafana ... hafanana fo adala
Voninkazo tsy tanteraka, nanantena ny alokao
Very saina, very fo ... zaza irery milalao
Voron-dia, volan-dihy, olon-dia aho, ry malala.

***Dogme Razafy, 13 mey 2022***

## MATOANDAHATSORATRA

**Velona ho velona tokoa ny haisoratra**

"Velona ho velona ny haisoratra, 71 taona nanavàtsa", hoy izahay miatrika ny "Herinandron'ny Havàtsa-UPEM 2023" 24-28 oktobra. Herinandro anasana ny rehetra : mpianatra, Mpampianatra, Mpikaroka, Mpankafy Haisoratra. Na dia eo aza ny zava-mitranga miteraka savorovoro noho ny hevitra tsy mitovy eto amin'ny firenena dia tsy atao ho sakana amin'ny fotoam-bita isan-taona hihaonana amin'ny mpankafy haisoratra.

« Ny teny mandalo fa ny SORATRA mitoetra » hoy ny soratra hita eo amin'ny tranombokim-pirenena ary efa nosoratanay teto amin'ny Gazety Valiha izany taona vitsy lasa izay. Manan-kasina ny soratra. Mila fitaovana ny soratra: Mpanoratra, aingam-pamoronana, fahaizana, fahalalana, ranomainty, taratasy..., izay vao tafavoaka ny soratra ho haisoratra. Tsy ny soratra rehetra dia zava-kanto avokoa, fa ny soratra voakaly nampiasana fitaovana. Io no tian'ny Havàtsa asongadina hatrany. Fa na dia toy ny pitik'afo kely ao anatin'ny aina sy haja aza ny haisoratra dia ho afaka mampirehitra ihany ny afon'ny fitiavana ny tanindrazana satria FANAHIN'NY FIRENENA NY SORATRA».

Adidy sady fahafinaretana ho an'ny Havàtsa-UPEM ny mizara hatrany ny mamy ara-haisoratra. Manana izay fandaminana anatiny koa anefa amin'ny alalan'ny hetsika samihafa tahaka ny ataon'ny Sampana, ohatra, satria vao tsy ela tokoa mantsy no nametrahana ilay antsoinay hoe SALOTRASINA ny sampana Betafo sy sampana Ankazomiriotra. Miara-dalana amin'izany moa ny famoahan'ireo Sampana ireo ny boky iraisana.

Izany rehetra izany dia fampiharana sady taratry ny « Velona ho velona ny haisoratra ».

***Hajaina ANDRIANASOLO***

## AM-PERIMPANORATANA

### Namby Mivetso



Poeta sady mpanoratra, namoaka ny boky amboaran-tononkalo "Tomaratra", izy no hitafa amintsika anio.

***1- Lazao anay hoe ny momba ny boky Tomaratra navoakan'i Namby.***

Boky voalohany navoaka izy io ; nofidina manokana ilay anarana satria ny taratry ny hatsarana izay nisy tato anatiko no niangaliako navoaka ho an' ny hafa. Misy pejy 120 izy io, ahitana tononkalo 113 ao anatiny. Ahitana tara- kevitra momba ny fitiavan- tanindrazana, fitiavana an'Andriamanitra, Ray aman-dreny, alahelo, fiainana ary fahafatesana.

***2- Havanana amin'ny antsa tononkalo i Namby, amin'ny endriny manao ahoana ny fifandraisan'ny feo sy ny tononkalo?***

Eny, tiako ny miantsa tononkalo, ny feoko somary miangolangola izay, hoy ny mpihaino, izaho manokana tsy nahatsapa ilay izy fa voateny matetika fotsiny hoe mihantahanta fiteny, malefaka. Ny zavatra tsapako dia hoe manavanana ahy ny miangaly tononkalo amin' ny endrika tian'ny mpanoratra hanehoana azy.

***3 - Rehefa manoratra i Namby, tononkalo, ohatra, amin'ny fotoana toy ny ahoana no miato, ka hoe vita ny soratra iray?***

Matetika miankina amin'ny zava-misy. Vetivety kely dia mahasoratra tononkalo maro rehefa iny injay miainga ny fanahy. Tsapako koa matetika, ao anatin' ny alahelo aho no tena mahasoratra, izany no antony mahatonga ny tononkalo voasoratro mirona betsaka amin' ny alahelo, fahafatesana, fampaherezana, sns... Misy fotoana indray tena somary matory ilay aingam-panahy ka tsy mahasoratra firy na mahasoratra ihany fa iray na roa, izay voasoratra eo anefa dia mifandraika amin' ilay zava-miseho amin' io fotoana io.

## FANAZAVANA OHABOLANA

**« Tsontam-paika ka matim-bela »**

Fomba fitenin'ny mpanao fanoron-tsivy, izay lalaon-tsaina nahavariana ny Ntaolo, ny hoe "tsontsa paika ka matim-bela". Olona roa no milalao fanorona. Ady no isantarana ny lalao. Samy mahazo mifampihinana ny vato eo amin'ny sori-panorona ny andaniny sy ny ankilany. Tsy maintsy atao maty paika tsara ny fanetsehana ny vatom-panorona hamelezana ny mifanandrina amin'ny tena mba hisorohana ny faharesena amin'ny ady. Rehefa resy, tsy mahavoa amin'ny ady ny iray, dia asaina mihinam-bela. Ilay nandresy azy no mampihinana. Roa amby roapolo ny vatom-panorona amin'ny andaniny avy. Izay vato aroson'ilay mpampihinana no hanin'ilay manala vela. Rehefa dimy sisa ny vaton'ilay mpampihinam-bela vao mihinana amin'izay kosa izy. Ny an'ilay nihinana indray dia mbola tsy nisy nanombinana ny vatony fa roa amby roapolo ihany. Fampisehoam-pahaizana mihitsy ny mampihinam-bela. Na dia dimy aza sisa mantsy ny vaton'ilay mpampihinana dia mety handresy ilay andaniny izy, ary tena mpitranga izany. Izy mampihinana io dia efa mihevitra mialoha ny fomba handripahany ny vaton'ilay mihinam-bela, ka rehefa roso hamely amin'izay tokoa izy, dia indroa na intelo mihetsika fotsiny dia mandresy indray. Tsy afa-bela no ilazana ilay ankilany tsy mbola nahavoa ihany amin'izay. Mamerina manala vela indray. Henatra lehibe tokoa izany tsy afa-bela sy manarina lava izany. Manginy fotsiny ny fanarabiana ataon'ilay nandresy. Maharary ny teny ataony, nefa lalao moa no atao, ka tsy entina amin-katezerana akory. Lalao madio mihitsy ny fanorona. Ny "tsontsa paika ka matim-bela", araka izany, dia entina milaza ny fahadisoana tsy tandrina ka niteraka fahavoazana ho an'ny tena. Mariky ny fanetren-tena amin'ny fanekena ny tsy nety natao koa izany.

***RANJATOHERY Harilala***

## VAOVAOM-PIKAMBANANA

***Fotoam-panokafana ny Herinandron'ny Havàtsa***

Tahaka ny isan-taona dia herinandro farany amin'ny volana oktobra toy izao ny Herinandron'ny Havàtsa. Fafana eo amin'ny 100 mahery eo no miandry antsika mpitsidika, tia sy mpankafy haisoratra. Tamin'ny talata 24 oktobra no nisokatra tamin'ny fomba ofisialy izany teny amin'ny Tranombokim-pirenena Anosy, ka nahitana olo-manan-kaja maro nanafy haja ny lanonam-panombohana. I Fifaliana no tonian-danonana. Nifandimby nandray fitenenana ny Filohan'ny fikambanana Rtoa Hajaina ANDRIANASOLO, notronin'ireo Birao mpiara-miasa aminy, ireo filoha am-boninahitra MADERA na Atoa RAMAKAVELO Désiré Philippe sy Atoa Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA, ary ny Tale Jeneralin'ny Kolontsaina Atoa RAZAFIARISON Francis. Antsan-tononkalo sy hira no nandravaka ny fotoana mialoha ny tsidika fafana izay nofaranana tamin'ny fiaraha-mitsako sy misotro. Maoritra ny fandaharam-potoana toy ny tafa amin'ireo mpanoratra am-perimpanoratana, ny velakevitra samihafa momba ny haisoratra, ny seho an-tsehatra miaraka amin'ireo sampana. Mbola manana hatramin'ny sabotsy isika hianohana ireo asasoratra miranty sy hitafana amin'ireo mpanoratra ary hitsidihana ny fafan'ireo mpanoratra anaty fandaharam-pianarana sady hanjifana ireo boky novokarin'ireo mpanoratra.









***Sampana Havàtsa-UPEM Betafo***

Tamin'ny alakamisy 19 ôktobra 2023 no fotoan-dehibe tany Betafo. Fotoana natokana hametrahana salotrasina ho an'ireo Mpikambana niatrika nanavàtsa nandritra ny herintaona farafahakeliny. Lanonana natao tao amin'ny CLAC. Dol'Aj (Filoha lefitry ny Havàtsa-UPEM) sy i Dogme RAZAFY no solontenan'ny foibe nanatrika tany. Lanonana notronin'i Nicole sy Jean Andriamananaivo izay anisany angady nanana sy vy nahitana ny fijoroan'ny Sampana, teo koa ireo zanak'i André Rakotondranaivo izay Mpikambana Havàtsa-UPEM Sampana Suisse, mandalo eto an-tanindrazana.



Miisa valo mianadahy ny notolorana salotrasina ka ireto avy : TAFITASOA Evariste - RAKOTOARISOA Zo Rantsaniaina Ange Pamelah « Rantsa » - RANDRIAMANANTENA Tsiky Ny Antsa « TK Abeleon » - RAFANOMEZANTSOA Mamitiana Olivier « Olivier Mamitiana » - VEROMBOAHANGINIRINA Lydia « Lydia » - LOVANIAINA Harentsoa Rebecca « Harenasoa » - HERINJATOVO Zakamanana « Zakamanana » - Nomena Manjaka.

***Sampana Havàtsa-UPEM ANKAZOMIRIOTRA***

Nirodorodo nankany amin'ny Sampana Havàtsa-UPEM Ankazomiriotra ny delegasiôna avy amin'ny foibe notarihin'i Dol'Aj ka lanonana fametrahana salotrasina hatrany no notontosaina. Tao amin'ny Lapan'ny tanànan'Ankazomiriotra no nanatanterahana izany, notronin'ny manam-pahefana avy eo an-tanàna.



Miisa 5 mianadahy ireo notolorana ka ireto avy :
RANDRIATSIFERANARIVO Rolland,
RAZAKAMIARINANDRIANA Henintsoa,
TOJOHARILALA,
VONISOA KANTO Mireille,
RAZAFIARISOA Myriam.


**GAZETY VALIHA**
**Mpanorina :** *Célestin ANDRIAMANANTENA*
**Talen'ny famoahana :** *Hajaina ANDRIANASOLO*
**Tonian'ny fanoratana :** *RAINIHAROMISA Fanjanioina*
**Tonia mpanampy** *Itsipika RAMORAVELONA*
**Komitin'ny fanoratana :**
-RANJATOHERY Harilala
-RAZANAMPAMONJY Danielle
-RADOMANANTOANINA Tahirisoa
-RAHEZARISOA Sannie
**Foibe :** Tahala Rarihasina Analakely
**Tel.** +261 34 01 367 51
**Mailaka :** havatsa.upem@gmail.com


## VOAMBOLANA

**Voto :** filahiana (any amin'ny Bara).
**Besaro :** aretina mpahazo ny vehivavy bevohoka.
**Besavily :** anarana niantsoana ny ondry tamin'ny andro fahiny.
**Tomotsy :** ombalahintongotra, voditongotra.
<u>Oh.:</u> *Mifandia* ***tomotsy*** *(mifanaraka akaiky)*
**Sosa :** (1) fikorisana, fandehanana milamina tsy misy manohintohina.
(2) karazana oviala.
**Handra :** (1) kilema ara-batana na toe- tra mivaona.
(2) Tsiny avy amin'ny ray aman- dreny mahatsiaro ho notsinontsiniavina.

***RANJATOHERY Harilala***

## IZANY MOA ...

***NY ROHIM-PIHAVANANA***

Ny fifandraisana ateraky ny fifamatoran'aina hamarinin'ny ra iraisana noho ny fianahana no ambara eto hoe rohim-pihavanana. Ireo teny ilazana ny ambaratongan'ny rohim-pihavanana no ifantohantsika manokana amin'ity lahatsoratra ity. Fototra iaingana àry ny tena. Ny tena no laharana voalohany. Ny vady aman-janaka no manaraka, amin'ny laharana faharoa; ireo zanaka indray no hisandrahaka lavitra toy ny ladim-boatavo. Ny zafy na zafibe (zanaky ny zanaka) no laharana fahatelo. Hatreo dia efa mihamanalavitra ilay fototra ny rohim-pihavanana. Avy amin'izany koa, amin'ny lafiny iray, no azo anazavana ny nampiasan'ny ntaolo ny hoe "fahatelo" nilazana ny havana amin'ny ankapobeny, araka ny fomba fiteny hoe "fahatelobe tsy mampanana", izay havana mitavandra ny harena fotsiny, manao havana raha misy patsa. Any amin'ny Betsileo aza, ny havana mandrafy ny tena no tondroina amin'ny hoe "fahatelon'olona". Eo amin'ny laharana fahefatra ny zafiafy na zafikely (zana-jafy na zanaky ny zafibe). Ny manaraka azy, eo amin'ny laharana fahadimy, ny zafindohalika. Laharana fahenina ny zafinkitrokely. Laharana fahafito ny zafimpaladia. Laharana fahavalo ny zafitsitorana, izay efa tsy mahatsiaro intsony ny maha lafin-kavana azy akory aza amin'ny ankapobeny ary antony iantsoana azy amin'ny hoe zafitsitorana, izany hoe efa tsy taitra intsony amin'izay zava-mahazo ny any amin'ny ambaratonga lavitra any amboniny. Azo heverina ho avy amin'izany toejavatra izany aza no niavian'ny hoe fahavalo. Ny aorian'ny zafitsitorana rehetra no antsoina hoe zafindoria. Fiteny fandrentsika koa ny hoe lafivalo. Tsy teny ilazana toerana velively akory io, araka ny mety ho fahazaran'ny ankamaroan'ny olona, fa ireo havana mielim-patratra any rehetra any. Mety ho efa havan-davitra na havan-tetezina ireo, kanefa tena mety ho famaton-kavana mihitsy koa, izany hoe havana akaiky.

Ankoatra ireo ambaratonga voafaritra ireo anefa, dia misandrahaka ny havana. Ao ireo mpiray tampo amin'ny tena. Tovanana amin'ny hoe mifanapa-tsinay ny filazana azy raha toa ka iray reny niteraka. Raha samy hafa reny kosa fa iray ray dia mpiray tampo tsy vakitronga. Ny vodihazo efa nialan'ny vatany no antsoina hoe voditronga. Ny zanak'olom-pirahavavy indray no antsoina hoe tsy omby kibo. Azo itarina amin'ny zanak'olom-pianadahy sy ny zanak'olom-pirahalahy anefa izany. Noraisina ho anisan'ny mpiray tampo ihany koa ny taiza sy ny natsangana. Misy ireo ampifandraisin'ny fanambadiana ka manjary mpirahalahy na mpirahavavy na mpianadahy am-panambadiana. Ny vadin'ny mpiray tampo no tondroina amin'izany. Ny fisandrahaky ny ladim-pihavanana amin'ny avy amin'ny ray sy ny reny niteraka no manamarim-pototra ny fomba fiteny any amin'ny Betsimisaraka hoe "valo ila ny olombelona", izay ilazana ireo havana avy amin'ny lafin-dray sy ny lafin-dreny. Marin-doatra ny fiteny hoe ny manambady manan-drafozana. Ny ray aman-dreny niteraka ny vadin'ny tena no antsoina hoe rafozana, raisina ho tena ray aman-dreny izy. Ny vadin'ny zanaka kosa atao hoe vinanto. Zaodahy na zaobavy no iantsoana ny vadin'ny mpiray tampo amin'ny tena.

Teny ampiasaina anondroana ireo ambaratonga samihafa ireo sy ny fisandrahany ny hoe Teraka. Teny hafa mitovy hevitra aminy koa ny hoe Taranaka. Misy amin'ireny Teraka na Taranaka ireny aza no mijoro ho fikambanana ara-panjakana mihitsy mba hameloma-maso ny loharano niandohana. Anisan'ny fantatra indrindra amin'izany, ohatra, ny Terak'i Rainizafimanga sy Rasoavelo, ny Teraky Ramampanjaka sy Rafara. Efa olona an'arivony maro miparitaka amin'ny vazan-tany efatr'izao tontolo izao ny olona ao amin'ireo Teraka ireo.

***RANJATOHERY Harilala***
***Mpikambana Mahefa ao amin'ny Akademia Malagasy***